



# LETTRE MENSUELLE

"Le Royaume des cieux est tout près de vous" Guérissez les malades, rendez la vie aux morts, guérissez les lépreux, chassez les esprits mauvais. Vous avez reçu gratuitement, donnez donc gratuitement"

BUREAU CENTRAL DE LA FPMA

MAI 2021

N° 015

## MESSAGE DE PENTECOTE

# " Entretien l'unité dans une culture du chacun pour soi "



**"Et moi, je leur ai donné la gloire que tu m'as donnée, pour qu'ils soient un comme nous, nous sommes un, 23 moi en eux et toi en moi pour qu'ils soient accomplis dans l'unité et que le monde sache que c'est toi qui m'as envoyé et que tu les as aimés comme tu m'as aimé."**

### JOYEUSE PENTECÔTE A TOUS

En ce jour de pentecôte, nous vous saluons au nom de notre Seigneur Jésus. Que le Seigneur accorde à chacun, à chaque famille, à chaque Eglise et à la Nation, L'Esprit de renouvellement. Aujourd'hui les temps sont incertains, le monde a besoin de repères sûrs et fiables. Que le Saint Esprit soit notre guide.

Le soir de sa résurrection, le premier jour de la semaine, Jésus s'est manifesté à ses disciples et " .... leur dit à nouveau : *Que la paix soit avec vous ! Comme le Père m'a envoyé, moi aussi je vous envoie.* 22 *Après avoir dit cela, il souffla sur eux et leur dit : Recevez l'Esprit Saint.* 23 *A qui vous pardonnerez les péchés, ceux-ci sont pardonnés; à qui vous les retiendrez, ils sont retenus.* Jean 20.21-23

Les disciples ont-ils eu leur propre pentecôte? Sûrement pas, car cette scène est une préfiguration de la venue du Saint Esprit et l'annonce de sa signification.

### LES GARDER DU MAUVAIS

Jésus refait ici la même action que Dieu lors de la création en soufflant sur ces disciples, pour annoncer que Pentecôte inaugure une dimension nouvelle de l'existence humaine. Cette nouvelle dimension ressemble beaucoup à une "réinitialisation" de

notre relation avec Dieu et entre nous, par le pardon et la sanctification.

C'est pourquoi, Jésus prie pour que Son Père protège cette nouvelle création qu'est son Eglise. Dans Jean 17.15 il est écrit: *"Je ne te demande pas de les enlever du monde, mais de les garder du Mauvais. 16 Ils ne sont pas du monde, comme moi, je ne suis pas du monde."*



Pour quelle raison Jésus demande à son Père qu'on ne retire pas les disciples de ce monde? Parce qu'ils ont encore une mission à accomplir.

### LA MISSION DES DISCIPLES

La mission des disciples consiste essentiellement dans un témoignage dont l'efficacité et la fécondité doivent en particulier se fonder sur deux aspects de la vie chrétienne, à savoir la sainteté de vie ("Sanctifie-les par ta vérité: ta parole est la vérité. Jean 17.17") et l'unité que Jésus a souhaité plusieurs fois :

- Dans Jean 15.12: *"Voici mon commandement : que vous vous*

*aimiez les uns les autres comme je vous ai aimés. 13 Personne n'a de plus grand amour que celui qui se défait de sa vie pour ses amis"*.

- Dans Jean 13.34-35: *"Je vous donne un commandement nouveau : que vous vous aimiez les uns les autres ; comme je vous ai aimés, que vous aussi, vous vous aimiez les uns les autres. 35 Si vous avez de l'amour les uns pour les autres, tous sauront que vous êtes mes disciples".* La parole des disciples ou leur témoignage va donc élargir le cercle des croyants. Et c'est pour cette communauté de foi que Jésus requiert la même grâce de l'unité, semblable à celle qui unit le Père et le Fils et fondée en elle.

C'est la raison pour laquelle Jésus tenait aussi à prier pour l'unité de ses disciples, pour l'unité dans l'Eglise et tout simplement l'unité de son peuple.

### LA GLOIRE DU CHRIST

*"Et moi, je leur ai donné la gloire que tu m'as donnée, pour qu'ils soient un comme nous, nous sommes un, 23- moi en eux et toi en moi – pour qu'ils soient accomplis dans l'unité et que le monde sache que c'est toi qui m'as envoyé et que tu les as aimés comme tu m'as aimé."*

Il faut le dire. Notre témoignage ne marchera jamais si nous n'avons

**SUITE PAGE 2**

## " Entretenir l'unité dans une culture du chacun pour soi "

pas cette gloire de Jésus. En effet le verset 22 dit: " Et moi, je leur ai donné la gloire que tu m'as donnée, pour qu'ils soient un comme nous, nous sommes un"

Quelle est donc cette gloire? Ce fut l'objet de la première demande au verset 5: "Et maintenant, toi, Père, glorifie-moi auprès de toi-même de la gloire que j'avais auprès de toi avant que le monde soit" Jean 17.5

Comment le Père va-t-il glorifier le Fils? Par la victoire sur la croix. Pour les disciples, cette gloire n'est donc pas la récompense suprême de leur fidélité, mais elle leur est donnée dès le début en participant à cette victoire du Christ.

### COMMENT PEUT-ON PARTICIPER À LA VICTOIRE DE JÉSUS SUR LA CROIX?

Paul l'a expliqué plusieurs fois et de différentes manières. Une fois dans Gal 2.20 il a dit: " Je suis crucifié avec le Christ : 20 ce n'est plus moi qui vis, c'est le Christ qui vit en moi ; ma vie présente dans la chair, je la vis dans la foi du Fils de Dieu, qui m'a aimé et qui s'est livré lui-même pour moi."

Une autre fois dans Col 3.1-2: "Si donc vous êtes ressuscités avec Christ, cherchez les choses d'en haut, où Christ est assis à la droite de Dieu. 2 Affectionnez-vous aux choses d'en haut, et non à celles qui sont sur la terre. 3 Car vous êtes morts, et votre vie est cachée avec Christ en Dieu. 4 Quand Christ, votre vie, paraîtra, alors vous paraîtrez aussi avec lui dans la gloire".

Grâce à notre participation à la victoire du Christ, nous pouvons porter le fruit de l'Esprit: "Mais le fruit de l'Esprit, c'est l'amour, la joie, la paix, la patience, la bonté, la bénignité, la fidélité, la douceur, la tempérance; 23 la loi n'est pas contre ces choses. 24 Ceux qui sont à Jésus-Christ ont crucifié la chair avec ses passions et ses désirs. 25 Si nous vivons par l'Esprit, marchons aussi selon l'Esprit".

Ainsi mes frères et sœurs en Christ, prions pour que le Saint Esprit renouvelle notre vie de famille et notre Église pour que nous entretenions l'unité dans cette période du chacun pour soi et de l'isolement.

PASTEUR SETH RASOLONDRABE

## L'Ascension du Christ

La fête de l'Ascension du Christ, bien que traditionnellement fêtée un jeudi, a en général connu une plus grande faveur que celle de la Transfiguration dans les églises chrétiennes en Occident. Sa date (40 jours après Pâques) répond à une préoccupation historique et liturgique. Quarante était le chiffre symbolique de l'attente ou de la durée d'une épreuve (quarante ans pour la traversée du désert au sortir d'Égypte, quarante jours pour la tentation de Jésus au désert, etc...). L'Ascension marque donc la fin de l'exil de Jésus sur terre et son retour dans l'invisible, auprès de Dieu.

Il en existe deux récits dans le Nouveau Testament, tous deux de la même plume : celle de l'évangéliste Luc. La première est située à la fin de son évangile (Luc 24:50-53) et l'autre de son second volume, celui des Actes des Apôtres (Actes 1:6-11) que l'on trouve ci-après. Diverses hypothèses ont été émises pour expliquer cette répétition, en particulier la nécessité de bien marquer la continuité entre la mission de Jésus et celle de ses apôtres.

La description, assez sobre, emprunte également au style des récits d'apparition dans l'Ancien Testament ; la présence d'une nuée signale la présence de Dieu lui-même, comme au Sinaï.

Il s'agit pour l'auteur de marquer l'unité qui existe entre le Père et le Fils. Jésus retourne d'où Il est venu à Noël, auprès de son Père. Il s'agit sans doute en même temps de marquer clairement la fin de la présence de Jésus sur terre et de couper court aux bruits, rumeurs, ou autres visions fantaisistes qui avaient cours à l'époque. La forte insistance sur la nécessité pour les apôtres de cesser de rêver en regardant le ciel, mais de se mettre en route pour aller annoncer l'évangile jusqu'aux extrémités de la terre établit clairement le passage du temps de l'incarnation à celui de la mission. L'affirmation retenue par la confession de foi dite Symbole des apôtres : ".... Il est monté au ciel, Il siège à la droite de Dieu, le Père tout puissant..." indique que Christ règne désormais auprès de Dieu et que le rôle de ses disciples est de vivre en témoins de ce règne.

Toutes les confessions de foi qui verront le jour en ces temps apostoliques lieront sans hésiter la confession de Dieu comme Esprit avec le rôle de l'église. " Je crois au Saint-Esprit, la sainte église universelle..." La communauté chrétienne est constituée témoin de ce temps nouveau que le Christ est venu inaugurer.

Extrait du livre de Michel Wagner "Pentecôte"  
Edition Empreinte, 2010 p.29-30

## Téléchargez l'Appli FPMA France

- ✓ Trouver une paroisse FPMA
- ✓ Des promesses de la Bible
- ✓ Regarder des films chrétiens
- ✓ Bible lue en un an
- ✓ Agenda de la FPMA
- ✓ Plus...



Télécharger dans  
l'App Store



DISPONIBLE SUR  
Google Play

# ASAN'NY APOSTOLY 2.1-11

1 Ary nony tonga ny Andro Pentekosta, dia teo amin'ny fitoerana iray izy rehetra. 2 Ary nisy feo tonga tampoka avy tany andanitra, toy ny rivotra mahery mifofofoko, ka nanenika ilay trano niangonany. 3 Ary nisy lela maro mitarehin' afo niseho taminy, izay nizarazara; ary nipetraka tamin'izy rehetra isan-olona izany. 4 Ary samy feno ny Fanahy Masina izy rehetra, ka dia niteny tamin'ny fiteny maro samy hafa, araka ny nampitenenan'ny Fanahy Masina azy. 5 Ary nisy Jiosy, mpivavaka tsara, nitoetra tany Jerosalema, avy tany amin'ny firenena samy hafa rehetra ambanin'ny lanitra. 6 Ary nony re izany feo izany, dia niangona ny olona maro ka very hevitra, fa samy nahare azy ireo niteny tamin'ny fitenin'ny avy izy rehetra. 7 Dia talanjona sady gaga izy rehetra ka nanao hoe: Indreo, tsy Galiliana va ireo rehetra miteny ireo? 8 Koa ahoana no andrenesantsika amin'ny fitenintsika avy izay nahabe antsika 9 - dia Partiana sy Mediana sy Elamita, ary mponina any Mesopotamia, sy Jodia sy Kapadokia sy Ponto sy Asia 10 sy Frygia sy Pamfilya, sy Egypta sy ny tany Libya izay manodidina an'i Kyrena, ary vahiny avy any Roma, na Jiosy na proselyta, 11 Kretana sy Arabo - koa ahoana no andrenesantsika ireo miteny amin'ny fitenintsika avy ny asa lehibe ataon'Andriamanitra?

## ■ Fety hahatsiarovan'ny Jiosy ny nanomezan'Andriamanitra ny lalàna

Ny Andro Pentekosta dia Andro lehibe ho an'ny Kristiana, hahatsiarovana ny nilatsahan'ny Fanahy Masina tamin'ny hery lehibe.

Ny teny hoe Pentekosta dia midika hoe faha-dimy ampolo (cinquantième). Izany no mahatonga ny Andro Pentekosta ankalazaina ny faha-dimy ampolo andro ao aorian'ny Andro Paska.

Nifanandrify amin'ny Fety hahatsiarovan'ny Jiosy ny nanomezan'Andriamanitra ny lalàna tamin'alalan'i Mosesy (chavouot) io Andro Pentekosta nilatsahan'ny Fanahy Masina io. Antsoina ihany koa ho an'ny Jiosy hoe "fête des semaines" famaranana ny famoriana vokatra mandritra ny 7 herinandro (7 fois 7 jours manome 49 jours miampy iray andro fankalazana mahafeno 50 andro).

Midika izany fa ny Fanahy Masina no manohy ny manoratra mandraka ankehitriny am-pontsika ny Filazantaran'Andriamanitra. Miteny amintsika tsirairay manokana ny Tompo. Manoratra ny Teny Fiainana tsy amin'ny vato intsony fa eo amin'ny fonsika ary ny Teniny no miaramitempo amin'ny fonsika.

## ■ Andriamanitra monina aty anatintsika

Ny Andriamanitra Telo izay iray dia samy manana ny maha-izy azy. Ny

Andriamanitra Ray izay Andriamanitra tao amin'ny Testamenta Taloha dia saro-takarina.

Ny Mpaminany no nanelanelana ny zanak'Israely sy Andriamanitra. I Jesoa Kristy indray no ilay voambara fa "Andriamanitra monina amintsika".

Efa niha-nakaiky ny vahoakany Andriamanitra tamin'alalan'ny Jesoa Kristy. Ary ny Fanahy Masina kosa no ilay "Andriamanitra monina



anatintsika". I Jesoa Tompo no nilaza fa « Indro, efa mitsangana eo am-baravarana Aho ka mandondòna; raha misy mihaino ny feoko ka mamoha ny varavarana, dia hiditra ao aminy Aho ka hiara-misakafo aminy, ary izy amiko. » (Apokalypsy 3:20).

Te hanjaka amin'ny fiainan'ny kristiana tsirairay ny Tompo ka afaka miteny toy an'i Paoly Apostoly hoe : « tsy izaho intsony no velona, fa Kristy no velona ato anatiko » (Galatiana 2:20b)

## ■ Fanarenana ny niseho tao Babela

Raha nifangaro ny fitenenana tamin'ny

fotoan'ny Babela dia tafarina eto kosa ny fi-Teny mitondra Teny Fiainana ho an'ny firenena rehetra (Parole Universelle).

Raha niezaka nahatratra an'Andriamanitra tamin'ny tilikambo ny zanak'olombelona ka voasazy (confusion des langues) dia eto kosa Andriamanitra no midina hambabo ny fon'ny izay manaiky azy ho Tompo sy Mpamonjy ao amin'i Kristy, na iza na iza, na aiza na aiza na avy aiza na avy aiza. "Ataovy mpianatro ny firenena rehetra" hoy ny Tompo.

Natao ho an'ny rehetra ny famonjena ary "lozako" hoy Paoly Apostoly raha tsy mampiely izany isika.

Ny Fanahy Masina no manazava ny Teny ary manosika sy mampahery ny kristiana tsirairay ho mpitondra teny "universel" ho vavolombelon'ny Fahatsarana sy ny Fatiavan'Andriamanitra.

Teraka am-pontsika Andriamanitra, izany no Pentekosta ho antsika tsirairay koa dia mirary Fety Sambatra ho an'ny rehetra.

PASTEUR FALIMANANA  
RAHARINDRANTO

Ecoutez Radio Anjomara  
depuis votre smartphone

Téléchargez  
l'Appli Radio Anjomara

Télécharger dans l'App Store

DISPONIBLE SUR Google Play

# FANDAHARANA PENTEKOSTA 2021

Feon'orga

## FIHAONANA SY FANKALAZANA

- Hira : 176 ("Avia Fanahy Masina ô")

- Vavaka fihaonana

## SITRAPON'ANDRIAMANITRA

### FIAIKEN-KELOKA

**Mpitarika** : (Vavaka)

**Fiangonana** : « Ry Rainay be famindram-po ô, mitalaho aminao izahay ; mamelà ny helokay ; Diovy izahay ho afa-pahotana ; sasao izahay ho afa-keloka ; ary havaozy ny fanahinay mba ho vonon-kanompo Anao. ny fitiavan'i Jesosy Kristy Zanakao Mpamonjy anay no angatahanay Aminao. Amena. »

- Hira : Ry Andriamanitra Tompo Ray any an-danitra ô, mamindrà fo aminay !  
Ry Jesosy Tompo Mpamonjy izao tontolo izao, mamindrà fo aminay !  
Ry Fanahy Masina Tomponay Mpampionona ô, mamindrà fo aminay !

## TENY FAMELAN-KELOKA SY FIHAVANANA

**Mpitarika** : (Teny famelan-keloka)

**Fiangonana** : AMEN

## FANKALAZANA

**Mpitarika** : Voninahitra any amin'ny Avo indrindra ho an'Andriamanitra

**Fiangonana** : Ary fiadanana ho ety ambonin'ny tany amin'ny olona ankasitrahany.

- Hira : 202 and. 2 sy 3 ("Ry Jeso tia ô")

**Feon'orga**

**Dimy minitran'ny Sekoly**

## FAMAKIANA NY TENIN'ANDRIAMANITRA

- Hira : 175 and. 1, 4 sy 5 ("Avia Fanahy ô, Fanahy Masina ô")

**Mpitarika** : Ho aminareo anie ny Tompo

**Fiangonana** : Ary ho amin'ny fanahinao

**Mpitarika** : Vavaka noho ny Teny

- Asan'ny Apostoly 2,1-11

- EPISTILY : Galatiana 5. 16-25

- FILAZANTSARA: Jaona 15.26-27 ; 1612-15

**Fiangonana** : Isaorana anie ny Tompo noho ny Filazantsara !

## FANEKEM-PINOANA

- Hira : 177 ("Ry Fanahy Mpanazava, mitariha anay izao")

## TORITENY

- **Feon'orga**

- **Antoko Mpihira**

- **Filazan-draharaha**

## FILAZAN-DRAHARAHA

### RAKITRA

- Hira : 179 ("Ny Fanahy Masina efa tonga tokoa")

- Hira fanolorana: Ry Tompon'ny harena ô,  
Fanafitra an-tsitrabo  
Atolotray Anao izao ;  
Mba raiso ka tahionao. Amena.

## FANDRAISANA NY FANASAN'NY TOMPO

- Hira : F.F. 4, and.1 sy 3 ("Ry Fanahy ô midina")

**Mpitarika** : Ho aminareo anie ny Tompo ! Aoka hizara ny fiadanana isika

**Fiangonana** : - Ho aminao anie ny Tompo!

- Ary ho aminao koa !

SURSUM CORDA (Mitsangana)

**Mpitarika** : Asandrato ny fonareo ho eo amin'ny Tompo

**Fiangonana** : Asandratray ny fonay ho eo amin'ny Tompo

**Mpitarika** : Aoka ho deraintsika ny Tompo Andriamanitra

**Fiangonana** : Mendrika ho deraina lzy

PRÉFACE (Mitsangana)

**Mpitarika** : Eny tokoa Tompo ô, Ray Masina, Andriamanitra mandrakizay, mahafa ny zavatra rehetra, mety sy mahavonjy ny isaoranay Anao amin'ny fotoana rehetra sy amin'ny toerana rehetra amin'ny alalan'i Jesoa Kristy Tomponay, izay tia anay sy nanolo-tena hamonjy anay ; amin'ny alalany koa no ideran'ny anjely ny fiandriananao

sy itsaohan'ny fanapahana sy ny fahefana rehetra Anao amin'ny tahotra ary iarahan'ny fiangonana any an-danitra sy ety an-tany midera ny anaranao amin'ny fihobiana ary izahay koa ankehitriny miara-manandratra ny feonay aminy, ka amin'ny fanajana lehibe no ideranay hoe :

- **Hira** : Antema 1 ( Sanctus )

- Vavaka ( Fisaorana, Anamnèse, Epiclèse ) (Mipetraka)

**Mpitarika** : Ry kristiana malala, aoka isika hahatsiaro an'i Jesoa Kristy izay maty nisolo antsika sy nitsangana ho fanamarinana antsika, dia fanati-pihavanana nato-lotr'Andriamanitra antsika, ary aoka isika hiara-misaotra sy hivavaka :

Misaotra Anao izahay Andriamanitra Rainay, Tompon'ny lanitra sy ny tany, fa noho ny famindram-ponao aminay mpanota mahantra, dia nomenao ny Zanakao Lahy Tokana, mba tsy ho very izay rehetra mino Azy fa hanana fiainana mandrakizay

**Fiangonana** : Efa maty Kristy, efa nitsangana Kristy ary ho avy amim-boninahitra.

**Mpitarika** :Noho izany Ry Tompo, Rainay any an-danitra ô, indreto izahay manao eto anatrehanao ny fahatsiarovana ny fahatongavan'ny Zanakao ho olona, ny fijaliany sy ny fahafatesany, ny fitsanganany tamin'ny maty ary ny fiakarany tamim-boninahitra sy ny fifonany mandrakizay ho anay, ka miandry sy mitalaho ny fiverenany izahay.

**Fiangonana** : AMENA, AVIA JESOA TOMPO !

**Mpitarika** : Ankehitriny, Ray ô, aidino ny Fanahy Masina mba hameno ny fonay ka handraisany tokoa ny Tomponay amin'ny finoana velona amin'izao lzy manatona anay amin'izao fanasana izao. fa ny Fanahy Masina no aharianao, amelomanao, anamasinanao ary anomezanao anay ny zava-tsoa rehetra.

**Fiangonana**: AMENA, AVIA FANAHY MASINA !

**Mpitarika** :Misaotra Anao izahay Ry Jeso Kristy Tompo ô ! Midera ny Anaranao izahay Ry Zanak'Andriamanitra Lahy Tokana Mpamonjy anay ! ankalazaina anie Hianao noho ny fitiavanao izay mahery noho ny fahafatesana. ary izahay izay tonga eto anatrehanao hiombona amin'ny latabatrao dia mangataka mba hampiraisona aminao, ohatrin'ny sampana amin'ny voaloboka. ampianaro hifankatia tahaka ny nitiavanao anay izahay, ary aoka izahay hiara-manana amin'ny fiangonana masina manontolo ny fiononana sy ny fifaliana aminao, dia Hianao izay miara-manjaka amin'ny Ray sy ny Fanahy Masina hatramin'ny taloha indrindra ka ho mandrakizay.

**Fiangonana** : AMENA !

**TENY FANORENANA SY FANAMASINANA** (Mitsangana)

**Mpitarika** : Jeso Kristy Tompo tamin'ny alina izay namadihana azy dia nandray ny mofo, ary rehefa nisaotra lzy dia novakiany ka hoy lzy :

« Raiso, hano, ity ny tenako izay omena ho anareo, izao no ataovy ho fahatsiarovana ahy. »

ary toy izany koa ny kapoaka rehefa nihinana, dia hoy lzy :

« Misotroa amin'ity hianareo rehetra, fa ity no rako dia ny amin'ny fanekena vaovao izay alatsaka ho an'ny rehetra ho famelan-keloka. koa na oviana na oviana no misotro hianareo, dia izao no ataovy ho fahatsiarovana Ahy. »

Misaotra ny Ray, izay nampahamendrika antsika hanana anjara amin'ny lovan'ny olona masina eo amin'ny mazava. Amena.

- Hira : 117 (Agnus Dei)

## FANASANA

**Mpitarika** : Ny mofo izay vakiantsika dia firaisana amin'ny tenan'i Jeso Kristy Tompontsika. Ny kapoaky ny fisaorana izay isaorantsika dia firaisana amin'ny ran'i Jeso Kristy Tompontsika.

Hoy ny Tompo : andeha, efa voavotra avokoa ny zavatra rehetra !

**FANDRAISANA** : 109

**TENY FAMPHEREZANA** (mitsangana)

**Mpitarika** : Jeso Kristy Tompontsika izay voahombo tamin'ny hazo fijaliana ka nitsangana tamin'ny maty no efa nanome anareo ny Tenany sy ny Rany izay nanavotany anareo tamin'ny fahotana rehetra, lzy anie hampahery sy hiaro anareo amin'izany amin'ny finoana marina ho fahasambarana mandrakizay. ho aminareo anie ny fiadanana !

**Fiangonana** : AMENA

- Hira : 266 (« Ry Jeso Tompo, Hianao »)

## VAVAKA FISAORANA SY FANGATAHANA

- Hira : 312 and.1 sy 2 ("Mitoera ry Jesosy ao an-tanimbolinao")

## HAFATRA SY TSODRANO

**Mpitarika** : Tsodrano

**Fiangonana** : AMENA ! AMENA ! AMENA ! HALELOIA !

- Hira : 312 and.1 sy 2 ("Mitoera ry Jesosy ao an-tanimbolinao")

**Mpitarika** : Voninahitra ho an'Andriamanitra Ray sy Zanak'Andriamanitra ary Fanahy Masina izay hatramin'ny taloha indrindra ka ho mandrakizay. Amena. Mandehana amin'ny fiadanana, ka manompoa ny Tompo !

**Fiangonana** : Isaorana anie Andriamanitra !

## FEON'ORGA FIRAVANA